Ity Taratasy Misokatra ity dia efa naparitaky ny Collectif TANY tamin'ny teny frantsay taminy 30 marsa 2014. Aparitany amin'ny teny malagasy indray androany satria tsy mbola nahazoana valiny nahafa-po.

Taratasy misokatra ho an'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika, ho an'ny olom-boafidy sy ireo mahatapa-kevitra, ary ho an'ny Malagasy rehetra manahy momba ny ho avin'ny taniny

Andriamatoa Filoha, Tompokovavy sy Tompokolahy

Ny tany malagasy dia **harena voajanahary tsiriritin'ny hafa**. Anisan'ny manahiran-tsaina ny mponina ny fiarovana sy ny fitsimbinana azy. Nanamarika izany ireo mpitondra vaovao. Ny fanapahan-kevitra voalohany noraisin'ny fivorian'ny Filan-kevitry ny Minisitra voalohany notarihin'ny Filoham-pirenena tamin'ny 29 janoary 2014 dia nandrara "ny fanalana, na famindrana tanteraka na ampahany, na fikarakarana antontan-taratasy mikasika fanomezana tanim-panjakana ho an'ny olon-kafa" ary izany dia "mandra-pitsangan'ny governemanta vaovao"(1). **Fa inona kosa no hitranga ary ao aorian'izay ?**

Vao mainka mipetraka tokoa io fanontaniana io, satria nandritry ny fihaonana tamin'ny mpampiasa vola tamin'ny 21 marsa 2014 tao Parisy, nanao antso avo ny Filoha sy ny mpiara-miasa aminy akaiky mikasika « tany azo volena tsy misy mampiasa 18 tapitrisa hekitara » (2) aty Madagasikara.

Araky ny hevitray, dia andraikitry ny olompirenena malagasy rehetra ny manara-maso akaiky momba ny fitantanana tsara ny harena voajanahary izay antsika Malagasy tsy vaky volo. Midika izany fa tokony hotoherina ny fomba amam-panao mampitombo ny firobarobana ny harena sy fampahantrana ny Malagasy hatrany hatrany. Ka tokony ho mailo fatratra isika amin'izao fotoana manan-danja manokana eo amin'ny hoavin'ny firenena izao.

Nanomboka tamin'ny taona 2008, vokatry ny fitambaran'ny kirizy ara-tsakafo, ara-bola, ara-angovo ary ny fiovan'ny toetr'andro, dia **ny tany no nanjary toerana fialokalofana voalohany indrindra ho an'ny fampiasam-bola maneran-tany**. Ka mirohotra maka tany daholo ny mpilalao sy mpanao hetsika isa-karazany : ny fanjakana, ny orinasa za-draharaha tany amin'ny sehatra samihafa, hatramin'ny banky sy ny rafitra fanangonam-bola hampitomboina isa-karazany (3).

Tsy afa-bela tamin'izany i Madagasikara. Tamin'ny taona 2008, ny tetikasa Daewoo Logistics dia nikasa hanofa tany iray tapitrisa sy telo hetsy hekitara mandritry ny 99 taona tao amin'ny faritr'i Melaky, Menabe, Atsinanana ary SAVA, mba hambolena katsaka sy voanio natokana haondrana any Korea atsimo. Ho takalon'izany ny orinasa dia nampanantena hanamboatra fotodrafitrasa sy hanome asa. Rehefa nisy namboraka sy namaky bantsilana io fikasana io, dia niteraka ny hatezeran'ny Malagasy sy ny fahatafitohinan'ny vahoaka eran-tany ny fahalalana ny antsimpiriany rehetra momba ilay tetikasa.

Amin'izao fotoana izao, dia **milaza fa miezaka mafy mba hirosoan'ny fahatanterahan'io tetikasa Daewoo io ny governemanta koreana tatsimo** (4). Tamin'ny volana Mey 2013 dia nisy delegasiona ofisialy koreana tatsimo tonga nanatanteraka iraka teto Madagasikara (5). Tsy fantatray inona no zavatra nifanarahana ho takalon'ny vola 100 000 dolara nomen-drizareo hamatsiana ara-bola ny fikarakarana ny fifidianana tamin'ny desambra 2013 (6). Ankoatr'izay moa, sady miasa any amin'ny seha-pamokarana hafa ny orinasa Daewoo no fantatra fa manao fambolena fanandramana amin'ny velaran-tany voafetra eto Madagasikara nandritry iny Tetezamita iny (7).

Hitanay teny ifotony fa mihombo ny fahavoazana aterak'ireo fampiasam-bola mifamatotra amin'ny tany Malagasy.

Ny rapaoro mitondra ny lohateny hoe : «Ny fangoronana sy fanaovana am-pihimamba ny tany eto Madagasikara – Ako sy teny vavolombelona avy any ifotony – 2013" navoakan'ny fikambanana italiana Re:common sy ny tambazotra malagasy Sehatra Iombonana hoan'ny Fananantany - SIF - ary ny fikambanana « Collectif TANY » miaro ny tany malagasy dia mampiseho mazava ny fiantraikan'ny tetikasa enina fampiasana vola eto Madagasikara.

Tetikasa enina amin'ny seha-pamokarana maro karazana toy ny fambolena zava-maniry ampiasaina ho solika, harena ambanin'ny tany, fambolen-kazo, fanamboarana fanafody any amin'ny faritra Ihorombe, Itasy, Sofia, Alaotra-Mangoro, Analanjirofo na koa amin'ny fandraharahana ny fizahantany any Nosy Be (8).

Ny zava-nisy hita tany dia manamafy ny voalaza ao amin'ny angona voasoratra teo aloha mikasika ny fitrandrahana fasimainty (ilménite) ataon'ny QMM-Rio-Tinto any amin'ny faritra Anosy (9).

Aseho hatrany ho toy ny tetikasa fampandrosoana mantsy ireo tetikasan'ny mpampiasa vola eto Madagasikara. Nefa, ny tantsaha miaina amin'ny toerana voakasiny sy ireo amin'ny manodidina dia voaraoka na afindra-monina avy teo amin'ny tany nolovany tamin'ny razambeny ; indraindray misy onitra omena, izay matetika tsy ara-drariny, indraindray tsy misy mihitsy.

Io tsy fanekena sy fanitsakitsahana ny zon'ny mponina any ifotony io no manamarika ny tranga antsoina hoe **fangoronana sy fanaovana ampihimamba ny tany (accaparement des terres).** Very fitaovam-pamokarana sy antom-pivelomana ny mpamboly sy mpiompy ary mpanjono : rava koa ny rafi-piaraha-moniny.

Ny onitra ara-bola voarainy matetika tsizarizary miohotra amin'ny voka-dratsy mihatra aminy. Ny asa ampanantenaina tsy manonitra ny fatiantoka.

Lasa mpikarama amin'ny sehatry ny fambolena na mpiasa an-tselika (« saisonniers ») marefo zo ary tsy manan-tany holovain'ny taranaka fara mandimby ny tantsaha.

Tonga saina amin'ny fatiantoka sy voka-dratsy isika ankehitriny, ka dieny tsy mbola tonga amin'ny fahavoazana tsy azo harenina intsony dia tokony hanao safidy mazava

- **Tazony amin'ny fomba feno fahasarota-piaro** ny tanintsika satria nitombo be ny sandany ara-ekonomika

- **Ajanony tanteraka ny fampanofana ny tanintsika** amin'ny hofany matetika ambany dia ambany mandritry ny am-polotaona maro amin'ny orinasa sy mpanodina vola vahiny, ary **aza hampitomboana intsony ny fiankinan-dohan'ny firenena** amin'ny fanafarana sakafo ho hanina avy any ivelany toy ny vary (10).

- **Ndao hanohana ireo tantsaha malagasy maro an'isa** ka hametraka politikam-panjakana manome laharam-pamehana voalohany ny fambolena tantanan'ireo fianankaviana tantsaha. **Ndao ampiana izy ireo hanatsara ny fitaovana sy fomba famokarany** mba hitondra fidiram-bola sahaza sy mendrika ho azy ny asa ataony, ka ahavita tena ara-sakafo aloha i Madagasikara, ary hanana ambim-bava azo haondrana any ivelany avy eo.

Andriamatoa Filoha, Ramatoa sy Andriamatoa tompon'andraikitra ara-politika isany

Tena manan-danja manokana tokoa ny asanareo eo amin'ny fampitsaharana ny fangoronana sy fanaovana ampihimamba ny tany. Koa sahinay ny manolotra anareo **fitakiana izay manaraka ny rafitra ara-dalàna sy ara-kolotsaina malagasy :**

- **tokony hovaina ny lalàna momba ny fampiasam-bola 2007-036** : Nivoaka ho ampiharina ny 14 janoary 2008 io lalàna io, **ary tokony ho foanana ny andalana faha 18 sy 19 izay mamela ny fivarotana tany amin'ny orinasa vahiny** (11). Mba hisintonana ny mpampiasa vola mantsy ohatra, dia nisy mpiandraikitra ambony tao amin'ny Fanjakàna malagasy nilaza mazava ny fisian'ny tany azo hamidy, indrindra ho an'ny drafitrasa fizahantany (12). **Amin'ny fividianan-tany, ny fanerena ny fianankaviana malagasy, hifanandrina sy hifaninana** amin'« ireo orinasa na fehezin'ny tombotsoa vahiny izy na tsia », trozona maro rantsana na mihanaka amin'ny firenena maro, dia ahiana hiafara amin'ny tsy fananan'ny Malagasy, izay mitombo isa andro aman'alina, na inona na inona intsony.

- Tokony avoaka amin'izay ny lalàna miaro ny faritra midadasika fiandrasana omby : satria any amin'ny faritra maro, tena ilain'ny mpiompy manaraka ny fomba fiompiana omby ankalamanjana nentim-paharazana ny

kijana be. Raha jerena avy eny amin'ny satelita sy ny fiaramanidina ireo faritra midadasika dia toa foana sy tsy misy mipetraka. Ny marina anefa, dia misy fiankaviana aman'hetsiny miaina eny ary mampiasa, mampidi-bola sy mivelona amin'ireny kijana be ireny. Taorian'ny fanavaozana ny fananantany taminy 2005, "ny lalàna 2006-031 [momba ny tanin'olontsotra tsy vita titra] dia mihatra amin'ny tany rehetra izay mipetraka eny araka ny fomba nentim-paharazana, na tany tafiditra amin'ny fananan'ny fiankaviana niampita tamin'ny taranaka fara-mandimby izany, na tany fiandrasana omby mahazatra ny fiankaviana, afa-tsy ny toerana fiandrasana omby midadasika be izay hanaovana lalàna manokana" (13). Ny tsy fivoahan'io lalàna manokana nambara io sy ny tsy famerana amin'ny fomba hentitra ny atao hoe "toerana fiompiana omby midadasika be" no nahafahan'ny Fanjakana nanolotra ireo tany ireo hofain'ny mpampiasa vola amin'ny fotoana maharitra, anatin'ny "bail emphytéotique". Ny lalàna momba ny faritra fiompiana omby - izay tokony apetraka aingana dia aingana - dia **tokony hiaro bebe kokoa ny zon'ny mponina mpampiasa azy sy ny fampandrosoana ny asa fiompiana izay ataony**.

Ny tsy fahafahan'ny mponina mifehy ny tany dia mety haka endrika maro samihafa. Anisan'izany ohatra ny fanomezan'ireo mpitondra firenena nifanesy kaosesiao (na **"concessions") ho an' ireo orinasa vahiny**.

Isan'ny seho fanta-daza indrindra izay niteraka fandroahana mpanjono sy mpamboly ny **Seranan'i Ehoala** ao Tolagnaro – Fort-Dauphin ao Atsimo-Atsinanana. Io seranana io dia nandraisan'ny Fanjakana malagasy anjara ny fanorenana azy, tamin'ny alalan'ny vola nindraminy, saingy nomeny ho tantanana rafitra vahiny tsy miankina. Ny Tale vaovaon'ny Seranan'i Ehoala aza dia vao avy nampidina ny sandan'ny hofan'ny tany ho an'ireo orinasa teratany sy iraisam-pirenena izay maniry hanori-ponenana ao (14).

Any Avaratra Andrefan'ny Nosy, ao akaikin'Ampasindava, dia mirefy 300 kilometatra toradroa, araky ny voalazan'ny mpanao gazety (15), ny « concession » nomena ny orinasa alemà Tantalus ao amin'ny **faritra fitrandrahana vovontany sarobidy vitsy mpanana** na « **terres rares** », izay harena ankibon'ny tany fampiasa amin'ny haitao avo lenta. Ny fiantraikan'izany amin'ny mponina ao amin'ny « tanàna maro » hiharan'ny asan'io tetik'asa io dia tokony hanaovan'ny manam-pahefana fanambarana maika sy mazava ampahibemaso.

Ny « concession » voatanisa farany kosa, tao anatin'ny resaka tetikasan'ny Vaomieran'ny Ranomasimbe Indiana hanao an'i « **Madagasikara ho sompitry ny faritry ny Ranomasimbe Indiana** » dia toa efa nahazo alàlana avy amin'ny manampahefan'ny mpitondra Tetezamita amin'ny tany 20 000 hekitara any amin'ny faritra Menabe (16) izay hampiasana hambolena sakafo fihinana atokana haondrana any ivelany hono.

Tokony hisy lalàna mazava mandrara ny fanomezana « concessions » vaovao. Io lalàna io koa dia tokony hanome fahafahana ho an'ny olom-boafidy, ny mpiasam-panjakàna sy ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana, hatramin'ny olompirenena malagasy tsotra, hiditra sy hanara-maso anatin'ireo concessions efa misy. Rariny sy hitsiny mihitsy ny miezaka hatrany hanamarina sy haka antoka fa tena miteraka tombon-tsoa sahaza sy mendrika ho an'ny Fanjakana sy ny vahoaka malagasy ny asa ataon'ireny concessions ireny.

Ny fahavononana asehon'ny mpitondra vaovao voafidy hametraka ny Fanjakana tan-dalàna dia tokony habaribary amin'ny fampisehoana **mangarahara tanteraka momba ny fifampiraharahana rehetra mikasika ny tany**.

Mikasika izay indrindra, ankoatry ny fampahalalana ho an'ny ny olompirenena rehetra amin'ny fomba maharitra ny toerana misy sy ny tranga rehetra mikasika ny tany namidy sy nampanofaina, efa raikitra teo aloha na eo an-dalam-pifampiraharahana, dia mangataka fanazavana amin'ny manam-pahefana izahay mikasika ireto tranga roa ireto.

- ny antsimpirian'ny **fifanekena mikasika ny fampanofana sady fitantanana ny fananam-panjakana** izay miteraka fanontaniana maro : **Ny fambolena fary sy ny ozinina** izay nomena hofaina sy hotantan'ny orinasa sinoa Compagnie Nationale d'Importation et d'Exportation des Equipements Complets de Chine (COMPLANT) any amin'ny faritra maro efa hatramin'ny taona maro (17), ary indrindra **ao Avaratra-Andrefana ao Ambilobe :** iza marina no tompon'ny tany ? Ahoana ny andinidinin'ny fifampiraharahana nifanaovana ao amin'ireo toeram-pambolena fary sy ozinina tsirairay avy ?

- Nambaran'ny filazam-baovao tamin'ny febroary 2014 fa nivarotra onitra-karbônina (crédit-carbone) ao amin'ny ala voaaro Makira any Avaratra-Atsinanana tamin'ny orinasa amerikana Microsoft sy ny Zoo de Zurich (any Suisse) ny governemanta malagasy (18) : ny fifandaminana ara-bola sy ny lafiny ara-fananantany nifanarahana momba ny varotra manodidina ireo ala 320 000 hekitara dia mendrika hanomezana fanazavana misimisy kokoa ho an'ny fitambaran'ny olompirenena. Io resaka « fivarotana karbônina » io, izay lafiny iray amin'ny fanonerana sandam-pikajiana ny tontolo iainana « izay mikendry ny hanome sandany ara-bola ny fampihenana ny fanelezana etona vokatry ny fandripahana sy fanimbana ny ala » – REDD – sy ny fampiharana azy, dia mitaky fanaraha-maso sy fandalinana lalina samihafa mba hanaporofoina amin'ny daholobe fa tena « vintana tsara» sy « tombotsoa » ho an'ny Malagasy tokoa izy io, satria betsaka loatra ny singa mijanona manjavozavo sy tsy voafehy, araka ny filazan'ny manam-pahaizana momba izany (19). Ohatra amin'izany, ahoana ny fomba hikajiana ny karibônina, ahoana no fomba hitsinjarana ny vola azo avy amin'ny karibônina ary ahoana marina no tena fomba hitantanana ny anjara kasaina ho an'ny vondrom-piarahamonina mitoetra manodidina ny ala voaaro izay tsy afaka hampiasa intsony ny faritra sy harena anaty ala ? Nisy fanadihadiana iray natao taminy 2013 momba ny tetikasa-andrana PHCF - tetikasa "holistique" momba ny fitehirizana ny ala - novolavolain'ny WWF Madagasikara sy ny Fondation GoodPlanet, novatsian'ny orinasa Air France zato isan-jato ao Atsimo-Atsinanana, mampiseho fa ny fomba fanonerana ny fanelezana karibônina dia tsy voatery hiteraka fihenan'ny fandripahana ny ala fa kosa mety hampitombo ny tsy fahampian'ny sakafo eo amin'ny mponina mipetraka manodidina ilay ala voaaro (20).

Andriamatoa Filoha, Tompokovavy sy Tompokolahy,

Ny firongatry ny fitomboan'ny isan'ny mponina eran-tany teo andanin'izay dia nahatonga ireo mahairaha amin'ny taranja samihafa hiara hikaon-doha momba ny fomba ho entina hiasa mba tsy hisian'ny fihanaky ny hanohanana izay efa iainan'ny faritra sasany eto amin'ny planeta. Ny fikarohana samihafa vita sy ny vahaolana natao sosokevitra dia nahatonga ny Firenena Mikambana hanapa-kevitra ny hanao ny taona 2014 no « **taona iraisam-pirenena ho an'ny fambolena tantanan'ny fiananka viana».** Safidy tena maika satria ny fambolena ara-indostrialy izay mampiasa milina betsaka dia mahatonga ny tantsaha ho very tany sy very asa, indrindra any amin'ny tany afrikana sy aziatika izay tsy mbola manana taozava-baventy (na indostria) sy fiandraiketan-draharaha (na « services ») afaka mampiasa ireo tantsaha izay mifindra-monina mankany amin'ny tanàn-dehibe.

Satria maro an'isa amin'ny mponina eto amintsika izy ary satria andraikiny ny miantoka ny sakafon'ny mponina malagasy any an-tanàn-dehibe sy any ambanivohitra, voalohany indrindra, ary manondrana ny vokatra fihinana avy eo, dia mendrika ho tohanan'ny Fanjakana sy ny olompirenena eo amin'ny ezaka ataony ny tantsaha mpamboly sy mpiompy ary mpanjono.

Ndao hialàna ny masomboly safiotra (na « hybrides ») sy ny zava-boahary novàna haitaranaka (na OGM, organismes génétiquement modifiés) - …. – satria mitaky ny hividianan'ny tantsaha masomboly isan-taona amin'ireo mpamokatra amin'ny fomba indostrialy ka mamatotra azy.

Ndao hotohanana ny fomba fambolena miaro ny tontolo iainana toy ny **agro-écologie** izay sady mampitombo ny vokatr'asany no miantoka ny fahaleovan-tenan'ny mpamokatra eo amin'ny kojakoja ilaina amin'ny fambolena toy ny zezika sy masomboly, ohatra, ary eo amin'ny fitaovam-pamokarana.

Aza roahana avy eo amin'ny taniny ny tantsaha fa ny tany no fitaovam-pamokarany lehibe indrindra.

Parisy, faha-30 marsa 2014

Ny Collectif pour la Défense des Terres Malgaches – TANY

patrimoine.malgache@yahoo.fr http//terresmalgaches.info http://www.facebook.com/TANYterresmalgaches

Références :

(1) http://www.communication.gov.mg/conseil-des-ministres-mercredi-29-janvier-2014/
(2) http://reveilfminternational.blogs.nouvelobs.com/archive/2014/03/23/ubifrance-a-paris-point-de-presse-de-hery-rajaonarimampianin-526329.html
(3) http://viacampesina.org/downloads/pdf/fr/accapGRAIN-dec2011.pdf
http://www.grain.org/fr/article/entries/4565-accaparement-des-terres-et-souverainete-alimentaire-en-afrique-de-l-ouest-et-du-centre
(4) http://www.africa-asia-confidential.com/article-preview/id/926/Seoul_food
(5) http://www.africaintelligence.fr/LOI/politique-pouvoirs/en-coulisses/2013/05/17/antananarivo,107960158-BRE
(6) http://www.madagascar-tribune.com/La-CENI-T-encouragee-davantage,18488.html
(7) http://terresmalgaches.info/spip.php?article75 (référence 4)
(8) http://terresmalgaches.info/IMG/pdf/Rapport_Accaparements_de_terres_Madagascar_2013.pdf
(9) http://www.andrewleestrust.org/hepa.htm
(10) http://www.orange.mg/actualite/riz-record-dimportation-pour-2013
http://www.inter-reseaux.org/IMG/pdf/hoRIZon_no54.pdf
(11) http://www.banque-centrale.mg/index.php?id=m4_4_1_11
(12) http://terresmalgaches.info/IMG/jpg/JA_n%C2%B02702_21_au_27_octobre_2012_p42_001.jpg
http://www.terresmalgaches.info/spip.php?article63
(13) http://www.droit-afrique.com/images/textes/Madagascar/Mada%20-%20Propriete%20fonciere%20privee%20non%20titree.pdf (Exposé des motifs)
(14) http://nocomment.mg/index.php?option=com_content&view=article&id=1306
(15) http://www.jeuneafrique.com/actu/20120423T102258Z20120423T102252Z/madagascar-rhodia-se-fournira-en-terres-rares-aupres-d-un-groupe-allemand.html
(16) http://www.lexpressmada.com/cooperation-regionale-madagascar/38975-la-cooperation-agricole-prioritaire.html
(17) Le sucre local se vend mal : http://fr.allafrica.com/stories/201309251728.html
http://www.lexpress.mu/article/industrie-production-record-de-sucre-madagascar
(18) http://www.lefigaro.fr/flash-eco/2014/02/21/97002-20140221FILWWW00259-madagascar-microsoft-investit-dans-la-foret.php
http://newsmada.com/index.php/societe/33752-projet-redd--400000-dollars-pour-preserver-la-foret-de-makira#.UzcbuLlOX4g
(19) C. Bidaud, *REDD+ un mécanisme novateur ? Le cas de la forêt Makira à Madagascar* in Revue Tiers-Monde n°211 (3/2012) p.111-130
(20) http://www.bastamag.net/Avec-Air-France-compenser-les et http://www.bastamag.net/Quand-des-ONG-environnementales
https://vimeo.com/69531685
http://www.amisdelaterre.org/IMG/pdf/rapp_madagascar_web_ok_10_7_13.pdf